TOVOVAVY MPIVAROTRA ANANA 26 TAONA

Naolana dia novonoina tamin'ny fomba feno habibiana

Tranga mampalahelo sy mampihorin-koditra no nitranga tany Analalava any amin'ny faritra Sofia iny. Tovovavy mpivarotra anana tokony ho 26 taona eo, avy any amin'ny fokontany Andronjana, distrikan'Analalava no novonoin'olona tamin'ny fomba feno habibiana ny alatsinainy alina teo, tokony ho tamin'ny 8ora alina teo, tao ambadiky ny kianja filalaovambaolina any amoron-dranomasina any an-toerana. Ny alin'io ihany, nisy nahita ity tovovavy nisy namono ity, ka nentina

Ilay tovovavy maty nisy nanolana sy namono (lanjaina).

tany amin'ny Hopitaly satria mbola nisy aina izy tamin'izany, saingy efa tsy afaka niteny intsony izy. Tsy tana intsony ny ainy ka maty tokony ho tamin'ny 2 ora maraina. Raha ny fizahana nataon'ny dokotera dia voakapoka ny hatoka sy ny lohany ary nisy ratra ny fivaviany, izany hoe naolana dia novonoina ity tovovavy ity. Manan-janaka kely mbola minono io vehivavy io izao nidaosan'ny fahafatesana izao. Manaitra ny tompon'andraikitry ny filaminana isan-tsokajiny, mba samy handray andraikitra tandrify azy manoloana izao zava-mitranga izao, ny mponina any amin'ity distrika ity.

Niaina

FJKM Ivoanjo Finoana SPAA 12

Nifarana ny taon-jôbily, nijoro ny komitin'ny fisotroan-dronono

Nifarana ny alahady 29 desambra 2019 ny fankalazana an' Andriamanitra noho ny taon-jôbily faha-150 taonan'ny Fjkm Ivoanjo Finoana, synodamparitany Antananarivo andrefana. Fananganana « Akany Fitiavana » no tsangambaton'izany fankalazana izany, ary notokanana ny 31 Jolay 2019. Nitohy ny volana Aogositra ny fanamarihana ka ny Alahady 29 desambra teo dia famaranana ny taon-jôbily sady nitokanana ny takela-bato misy ny anaran'ireo mpitandrina nifandimby tao aminy hatramin'ny taona 1869. Ny sekreteran'ny vola eo anivon'ny synodamparitany, Randriamiandra Miadanarivo notronin'ny mpitandrina Razafimahatratra Alphonse sy Razakariasa Elie Joseph, no nitokana ny takela-bato taorian'ny famakian'ny sekreteran'ny fiangonana ny anaran 'ireo mpitandrina nifandimby tamin'izany fiangonana izany. Ny mpitandrina Razakariasa Elie Joseph Constant no mpitandrina faha-12 mitondra ny Fjkm Ivoanjo Finoana mandraka ankehitriny. Tamin'io andro io ihany koa no nanolorana mari-pankasitrahana ireo komitin'ny faha -150 taona, ny nandray anjara tamin'ny hira famantarana sy ny sary famantarana, ary nahazo loka ny voalohany tamin'izany. Raha tsiahivina ny tantara, dia teny Alakamisy no niantombohan'ny fiangonana, ka rotsopeta izy tamin'izany. Nisy nandoro io ka voatery nifindra teny andrefan'ny hadivory Namontana ny mpino kristiana notarihan-dRainivoavy, ka raha mbola nisy nandoro indray io, dia nifindra teny Ivoanjo ny fiangonana. Mbola Ivoanjo Anosiala no anarany tamin'izany ary Randrianatoandro mpitandrina sady mpampianatra no nitondra ny fiangonana. Nifandimby taorian'izany ireo mpitandrina nitondra ny fiangonana. Efa nankalaza ny faha-100 taona, ny faha-125 taona ny fiangonana ka tamin'ny taona 1991 no tonga nitondra ny fiangonana ny mpitandrina Razakariasa Elie Joseph ary lasa Fjkm Ivoanjo Finoana ny anarany ny taona 1998. Ny taona 1995 no noraisin-tànana ny mpitandrina ankehitriny. Ny alahady 29 Desambra lasa teo, dia ny mpitandrina Ranoroarisoa Louisette no nitarika ny fotoana, raha ny mpitandrina Vololonkerimalala Omega kosa no nitondra ny hafatry ny tompo. Taorian'izay, nijoro ihany koa ireo komity sy biraon'ny fisotroan-drononon'ny mpitandrina, ka Rakotondrasata Michel Jeannot no filohany.

Rajo

Taratasin'ny mpamaky

Taratasy ampitaina amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao sy ny mpamaky azy izao manaraka izao: amiko, 2009-2013: nopotehin'i Andry tgv sy ny forongony i Madagasikara, ka lasa Firenena faha-4 mahantra eto an-tany. Potika @ lafiny rehetra ny Malagasy. Faran'ny taona 2013: Nandray sy nitondra Firenena potika tanteraka i Rajaonarimampianina. Dia niezaka nanarina ny potika. Nahavita namerina an'i Madagasikara teo @ sehatra iraisampirenena, ka nahazo famatsiambola marobe ary nanao fotodrafitrasa. 2019: NANDRAY FIRENENA EFA MIARINA i ANDRY TGV SY NY FORONGONY (lainga ny filazana fa nandray Firenena potika). Ny zavabitan-dRAJAO no notokanan'ny TGV/MAPAR/IRD sy ny forongony. Ny hita aloha hatreto dia tsy mbola misy VERYRANO miainga fa blingBling no hita.
FA TSY MBOLA MAHATRATRA NY TOERAN'i MADAGASIKARA TALOHAN'NY 2009 NITONDRAN'NY FILOHA MARC RAVALOMANANA ISIKA HATRETO FA MBOLA TENA MAHANTRA.

Andrianjakahasina Rasamimanana
Mpamaky gazety Ny Valosoa

Vehivavy am-polony maro teny Ivato

Nilahatra nisaotra manokana an'i Jessica

Tamin'ny fiandohan'ny taona vaovao 2020 lasa teo, dia gaga sy talanjona izay nahita ireto vehivavy am-polony maro nilahatra teny amin'i Jessica mpitsabo eny Mandrosoa Ivato. Tao ireo nilaza fa tsy nahazo zaza tao anatin'ny taona maro, fa rehefa nokarakarain'ity mpitsabo ity dia nahazo zaza soamantsara, tao ireo vehivavy nilaza fa saika nariam-badiny fa momba tsy miteraka, nefa rehefa nokarakaraina dia niteraka sady nilamina ihany koa ny tokantranony, teo ihany koa ireo vehivavy afajaza lava satria tratry ny mosavy sy ny vorika, fa vao nokarakarain'ity mpitsabo ity ihany koa dia sitrana sy nahazo zaza, fa ny tena nahazendana ny maro dia vehivavy maromaro no sahy nijoro vavolombelona fa tsy niteraka tao anatin'ny taona maro nefa dia nahazo zaza indray, fa mbola tao koa ireo malemy tsy tafatsangana mihitsy fa nokarakaraina dia sitrana sy afaka nandeha soa amantsara, tao koa aza ireo vehivavy nilaza fa saro-piterahana sy marary foana rehefa bevohoka, fa rehefa nokarakaraina dia tomady sy niteraka ihany koa, santionany ireo nandritry ny resaka nifanaovan'izy ireo tamin'ny mpanao gazety. Samy niaiky izy ireo fa ny fikarakaran'ity mpitsabo ity no nahavelona sy nahavanona azy rehetra, ary saika maty sy namoy fianakaviana mihitsy raha tsy voakarakara teny aminy. Tao aza ireo mbola saika haka fanefitra mihitsy, saingy nambaran'ity mpitsabo ity fa azo antoka tsy misy atahorana intsony izay mahazo fikarakarana ao aminy. Sady nisaotra, no nanolotra fanomezana ho an'ity mpitsabo ity ireto vehivavy maro ireto satria raha tsy tao aminy dia tao no namoy ainy, ny leo monina, ny resy tondromolotra, ny lany volabe sns… ka nahavonjy sy nanavotra azy ireo ny fikarakaran'ity mpitsabo ity raha niantso ny 03387 395 41 ireto olona ireto teo aloha. Nanamafy ity mpitsabo ity, fa tsy sandaina volabe ny fitsaboana, saingy mahatsapa ny olona fa fahasoavana no raisiny, ka izay foiny no omeny azy. Nambarany ihany koa fa mitohy ny fikarakarana amin'ity taona vaovao ity satria efa natao hikarakara sy hanompo ny olona mila fahasoavana i Jessica eny Mandrosoa Ivato.

Namana

Tranga mampalahelo

Mpianatra niady sy nifamono, maty ny iray

Tranga mampalahelo nitranga tany Toamasina omaly. Nisy mpianatra niady sy nifamono, ka maty noho izany ny iray. Zazalahy kely 13 taona mianatra ao aminy CEG Ratsimilaho any Toamasina, kilasy 6è 10 no namoy ny aina noho ny daroka nahazo azy. Raha ny vaovao voaray dia nisy zazalahy roa no nidaroka azy tamin'ny vy sy nandaka azy. Niezaka nitondra azy tany amin'ny Hopitaly Be Toamasina ireo nahita saingy tsy tana ny ainy. Mandeha amin'izao fotoana ny fanadihadiana sy fikarohana ireo zaza roa nahavanon-doza.

Stefa

Ilay tovolahikely mpianatra namoy ny ainy noho ny daroka nahazo azy.

FJKM Vilihazo Fanantenana SPAA 12

Rihana indray ny manaraka taorian'ny fanitarana

Tao anatin'ny fankalazana ny faha-70 taonan'ny Fjkm Vilihazo Fanantenana, synodamparitany Antananarivo atsinanana, dia ezaka rihana indray no miandry ny mpino kristianina ankehitriny. Ny 25 Desambra 2019 lasa teo no nifarana ny taon-jôbily ary mitohy ny ezaka manomboka amin'ity taona vaovao 2020 ity. Raha tsiahivina, dia tamin'ny taona 2014 no nitsiry ny hevitra fa hanitatra fiangonana satria mitombo ny mpino, ka tsy antonona ny fiangonana intsony. Natomboka ny fanitarana, ka tapaka ny hevitra, fa horavana ny fiangonana fa ny tilikambo sisa mijanona. Nizara dimy ny asa tamin'izany, ka teo ny ezaka fototra, ny ezaka rihana ary ny farany dia ny ezaka tafo. Somary nihisatra nefa ny asa, ka ny faran'ny taona 2019 vao vita izany. Nandaniana vola mitentina 1 miliara mahery ny fanitarana na dia teo aza ny asa tanamaro sy ny tonona samihafa avy amin'ny malala-tànana. Matotra ny fiaraha-miasa teo amin'ny reni-fiangonana sy ny zanaka ampielezana ary nahatontosana ny ezaka fanitarana hatramin'ny farany. Na izany aza anefa, raha ny nambaran'ny filohan'ny zanaka ampielezana, Rakotojaofeno Petera dia mbola asa miandry ny manodidina ny fiangonana, ny tokontany ary ny fanatsarana samihafa ihany koa. Nandritry ny famaranana ny fankalazana ny 25 Desambra lasa teo no nifampaherezan'ny mpino kristianina sy ny zanaka ampielezana, fa mitohy ny asa ary tsy maintsy tanteraka ny vinan'ny Fjkm manao hoe : Vontosy filazantsara ny Nosy Madagasikara, ka anisan'izany ny Fjkm Vilihazo Fanantenana.

Jaona Raôly

Fifamoivoizana

Nahazo fiofanana ireo « police de la route »

Miatrika fiofanana amin'izao fotoana izao ireo antsoina hoe« Police de la Route », na polisy misahana ny fandrindrana ny fifamoivoizana, mialohan'ny hiverenan'izy ireo amin'ny andraikiny eny an-dalambe. Teboka maro no hozaraina amin'ireo Polisy manao fiofanana ireo toy ny :

- Fampahatsiahivina ireo andraikitra sahanin'ny « Police de la Route»,
- Fandalinana ny lalàna mifehy ny fifamoivoizana,
- Fampahatsiahivana ireo fihetsika ara-dalàna rehetra amin'ny fandrindràna ny fifamoivoizana,
- Fomba firesaka sy fanajana ny mpampiasa lalana,
- Fanentanana amin'ny ady atao amin'ny kolikoly.

Natao ny fiofanana tahaka izao mba hoentina hanatsarana ny fomba fiasa manoloana ireo mpampiasa lalana.

Aly